



# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 04 – 10 MARS 2016

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

### MATOAM-BAOVAO

#### FANKALAZANA NY ANDRO MANERAN-TANY HO AN'NY ZON'NY VEHIVAVY

Ny fankalazana ny 8 marsa, andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy no tena nanamarika iny herinandro lasa iny. Tany Antsiranana moa no nosafidian'ny fitondram-panjakana hanaovana ny fankalazana ofisialy ho an'i Madagasikara ka nanome voninahitra izany ny vadin'ny Filohampirenena. Saika nitatitra ny hetsika samihafa nataona fikambanana sy antoko politika tany amin'ny faritra samihafa manerana ny nosy avokoa ny haino vaky jery. Nifantoka betsaka tamin'ny fifampizarana sy fanaovana asa soa izany androm-pankalazana izany.

*Vehivavy manodidina ny 10 000 eo ho eo no tonga tany Antsiranana raha ny tatitra avy amin'ny TVM. Ankoatran-dRamatoa Voahangy Rajaonarimampianina dia tazana tany ihany koa ny mpikambana maromaro avy ao amin'ny governemanta, nisy ihany koa loholona sy olom-boafidy maro avy any amin'ny faritra iny. Tetsy ankilany kosa taty an-drenivohitra, nitarika ny fotoam-panamarihana teny amin'ny Lapam-panjakana Mahazoarivo ny vadin'ny Praiminisitira. "Ny vehivavy Malagasy, fanoitran'ny fampandrosoana", io no lohahevitra nosafidin'ny vehivavy avy ao amin'ny primatiora ho an'ity taona ity. Ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo dia nanana ny fomba nankalazana ny 8 marsa niaraka tamin'ireo mpiara-miasa aminy. Diabe ho an'ny firaisan-kina niainga avy teny Mahamasina nihazo ny Lapan'ny Tanàna no nataon'izy ireo tamin'izany, notronin'ny vadin-dRamatoa Ben'ny Tanàna sy ny mpiray antoko aminy.*

*Fijery hafa mihitsy kosa no nentin-dRamatoa Annick Raherimanana raha nanentana fandaharana tao amin'ny RADIO ANTSIVA izy. Namaky batsilana ny fanaovana ny andron'ny 8 marsa ho fitaovana politika izy, toy izany koa ny vehivavy izay lasa fitaovana politika ka araraotin'ny antoko maro ny andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy hanaovana hetsika andaniam-bola be. Tsy mifanalavitra amin'izay ny fomba fijerin'ny VIVA TV ka nilazany fa andro iray araraotin'ny Hery Vaovaon'ny Madagasikara (HVM) hanaovana fampielezan-kevitra ny 8 marsa. Noterena hiakanjo fotsy sy manga ireo vehivavy rehetra nandray anjara tamin'ny filaharana tany Antsiranana. Nasain'ny mpitandro ny filaminana niala an-daharana ireo izay nanao fitafy miloko hafa toy ny volom-boasary, hoy ihany ny mpanao gazetin'ny VIVA TV. Avy eo dia nampiditra an-tariby mivantana ny solombavambahoaka avy amin'ny Mapar voafidy tany Antsiranana ilay mpanao gazety.*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



Voalaza tamin'izany fa nitety fokontany mihitsy ny mpandrindra ny antoko HVM nanentana ny vehivavy mba hiakanjo fotsy sy manga mandritra ny androm-pankalazana. Nampita ihany koa ny hetsika nataon'ny Vondrona Mpanohana an'i Andry Rajoelina (CS-ANR) anefa i **VIVA TV**. Nizara savony ho an'ireo vehivavy mpanasala lamban'Ampasika sy koveta ho an'ireo eny Anosizato ry zareo tamin'izany.

Somary nahazo kiana tamin'ny **RADIO ANTSIVA** ihany koa ilay diabe nokarakarain'ny kaominin'Antananarivo, na raha ny marimarina tokoa ny fanapahan-kevitra ny prefektiora mahakasika io. Volana vitsivitsy tokoa mantsy dia nangataka alalana hikarakara filaharam-be ny fiangonana katolika saingy nolavin'ny prefektiora satria manakorontana ny filaminam-bahoaka hono. Raha nanontaniana ny mahakasika izany ny tompon'andraikitra dia nilaza fa andro iraisam-pirenena eto no resaka sady mbola vehivavy ihany koa mpikarakara. Nomarihin'ny mpanentana fa dia maro tokoa amin'ireo izay manao fankalazana makotroka no tsy mahafantatra akory izay antom-pisian'ny andro maneran-tany ho an'ny zon'ny vehivavy. Ary farany dia noresahiny manokana ny amin'ireo fasahiranan'ny ankamaroan'ny vehivavy ankehitriny izay sady manana ny asany no mikarakara tokantrano.

Ireto ihany koa mbola hetsika hafa hita tamin'ny fahitalavitra **TVM**:

- Nanamboly zanakazo manamorona ireo arabe ao an-tanàna ny vehivavy avy amin'ny antoko HVM ao amin'ny kaominina Bongatsara
- Nitety ireo fianakaviana sahirana ao amin'ny boriboritany iadidiany solombavambahoaka Naivo Raholdina mivady
- Nikarakara fotoam-pivavahana tao amin'ny Toby Ratsimandrava ireo vadin'ny zandary
- Nankalaza ny 8 marsa ihany koa ny mpianatra vehivavy avy amin'ny sekoly ambony INSCAE ka novoizin'izy ireo tamin'izany fa "Tsy fitaovana ny vehivavy"
- Nanambara ny mpandrindra nasionalin'ny CNFI Tiana Ramparany Ramanarivosoa fa tokony hisitraka feno ny zo handraisany anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ny toe-karena Malagasy ny vehivavy
- Nitsidika teny amin'ny hopitaly Ravoahangy Andrianavalona ny avy ao amin'ny "Jeune Chambre Internationale" sy ny BOA

## AKON'NYFANKALAZANA TANY AMIN'NY FARITRA

### Fianarantsoa:

Nakotroka tokoa ny fanamarihana ny 8 marsa tany Fianarantsoa izay natao nanoloana ny Lapan'ny Tanàna. Nanome voninahitra izany ireo solotenam-panjakana maro voafidy tao an-toerana. Tamin'izany no nampahafantaran'Andriamatoa Tale iraisam-paritry ny Mponina fa 4 amin'ireo lehiben'ny distrika 7 ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony no vehivavy ary 2 amin'ny Ben'ny Tanànana kaominina an-drenivohitra 3, miisa 30 kosa ireo vehivavy mitana andraikitra eny anivon'ireo sampan-draharaham-paritra sy iraisam-paritra. Nisy ihany koa ny fizarana fanomezana ho an'ireo vaviantitra sy ireo marary tsaboina ao amin'ny hopitaly Tambohobe. (**RADIO TSIRY - TNTV - RTV SOAFIA**)

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## Toliary:

Nanindry hatrany ny amin'ny fampimirana lenta ny lehilahy sy ny vehivavy hatrany ireo izay nandray fitenenana nandritra ny fanamarihana ny 8 marsa tany Toliary. Fotoam-pivavahana iraisam-pinoana tao amin'ny katedraly Loterana no nanombohana ny fanamarihana, nitohy tamin'ny diabe manerana ny tanàna sy fifaninana ara-panatanjahan-tena ary dia nofaranana tamin'ny "Zumba". (**RADIO SITENY**)

## Toamasina:

Maro ireo hetsika notanterahina tao an-drenivohitr'i Betsimisaraka tao. Diabe niainga teo amin'ny araben'ny fahaleovan-tena no nisantarana izany ka nahitana ny fandraisana anjarana fikambanana miisa 92. Ankoatra izay dia samy nanana ny fomba nankalazany ny 8 marsa ny fikambanana samihafa. Ny vehivavy mpiasan'ny kaominina izay notarihin'ny vadin'ny Ben'ny Tanàna ohatra dia nanolotra kojakoja ho an'ireo zaza vao teraka ny andron'ny 8 marsa, avy eo dia nizara loka ho an'ireo nandresy tamin'ny fifaninana "Bazar Madio" ka ny Bazary Kely no nahazo ny voalohany tamin'izany. Nanararaotra an'io ny Ben'ny Tanàna Andriamatoa Elysé Ratsiraka niaraka tamin'ny Minisitry Narson Rafidimanana ka nampahafantatra fa harenina izany tsena izany ary ny kaominina no hiantoka ny lany amin'ny asa. Ny fikambanana VITAL Fampandrosoana kosa dia nanolotra kojakoja an-dakozia sy fitaovam-pianarana ary sakafo ho an'ny toerana fitaizana zaza kamboty Mandresy izay mitaiza zaza 25. Tao amin'ny kaominina Mahavelona Foulpointe kosa dia tsy latsaky ny 1 500 ireo vehivavy nandray anjara tamin'ny diabe izay notarihin'ny vadin'ny Ben'ny Tanàna ao an-toerana. Nisy ihany ireo hetsika ara-kolotoralay sy ara-panatanjahan-tena isan-karazany. (**TVMT – FMA**)

## Mahajanga:

Tsy diso anjara ihany koa ireo vehivavy ao Mahajanga ao raha ny tatitra avy amin'ny **VIVA TV** sy ny **M3TV**. Tao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina tao Mahajanga no notanterahina ny lanonam-pankalazana. Nisy anefa mialoha izany ny diabe teo amin'ny zaridaina Cayla. Notsipihin'ny vadin'ny Lehiben'ny Prefekotora sy ny filohan'ny Komitim-behivavy 8 marsa fa miandoha ao an-tokantrano ny fitovian-jon'ny lehilahy sy ny vehivavy ary mitohy any an-tsekoly avy eo. Raha voaaraka ireo dingana ireo dia tsy hanano-sarotra amin'ny vehivavy ny ho tonga eo amin'ny toerana fanapahan-kevitra. Tetsy ankilan'izay dia nitsidika ireo vehivavy voafonja kosa ny vehivavy avy ao amin'ny antoko HVM, toy izany koa ny fikambanana Zanatany sy ireo vadin'ny polisy.

## Antsiranana:

Ny faha-7n'ny volana marsa kosa no nihaona tamin'ireo fikambanam-behivavy ao antanànan'Antananarivo ny loholona Razafindratovo Ravololonirina. Nantitranteriny tamin'izany ny maha zava-dehibe ny firaisan-kinan'ny vehivavy na dia eo aza ny loko politika tsy mitovy, "Ny fitoviana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy no tanjona ka hahatongavana amin'izany dia ilaina ny firaisan-kinan'ny vehivavy. Tsy midika akory izany fa hila na hiantsy ady amin'ny lehilahy isika fa mifameno amin'izy ireo."

Leader du Consortium

Membres du Consortium





## TOE-KARENA SY SOSIALY

### RAHARAHA ANDRAMENA TRATRA TANY SINGAPOUR, MANADIO TENA NY MINISTRA ANTHELME RAMPARANY

Nanadio tena mikasika ireo andramena tratra tany Singapour ny ministry ny fiompiana ka nanipy ny andraikitra any amin'ny governemanta Kolo Roger. "Tamin'ny fotoana mbola naha solombavambahoaka ahy no nahatrarana ireo hazo sarobidy ireo" hoy izy, "Tamin'ny 25 aprily 2015 no niorina ny governemanta Kolo Roger ary ny volana marsa no tamin'io taona io no tratra ireto andramena ireto, azo heverina ve hoe izaho no nanao sonia ny taratasy fahazoan-dalana nanondrana ireo hazo ireo?"

*Tsy ankasitranan'ny **VIVA TV** loatra ity fomban'ny mpitondra mifanipy baolina ity. Hatramin'ny Lehiben'ny governemanta avy no milaza fa tsy misy idirany amin'ity raharaha ity, toy izany koa ny ministry ny Tontolo Iainana tamin'ny governemanta Kolo Roger. Ny azo antoka dia ny HVM no ao ambadiky ny fanondranana ireo hazo sarobidy ireo. Vao maika nampiakatra ny hafanan'ny "Ady Hevitra" ny fivahinianan'Andriamatoa Arnold Ravelomanantsoa mpikambana ao amin'ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa sy Andriamatoa Alain Andriamizeza, mpanao politika. Araka ny nambaran'ito farany dia tokony hiala amin'ny ratsy fanaony ireo mpanondrana andramena tsy ara-dalàna ireo fa tsy hovoafehin'izy ireo akory izay mety fihoarana avy eo, ary tokony hihevitra izay fomba hanondranana ireo hazo sarobidy ireo ara-dalàna ny fitondrana mba ho tombotsoan'ny vahoaka rehetra. Nilaza kosa Andriamatoa Arnold Ravelomanantsoa fa tsy afa-po amin'ny fomba fitantanana ny harem-pirenena ankehitriny.*

*Tsy dia nanisy resa-be loatra ny **RADIO ANTSIVA** fa nanome fitenena ho an'ny minisitra Anthelme Ramparany raha toa ka nifantoka betsaka tamin'ny fanambarana nataon'ny ministry ny Tontolo Iainana ankehitriny Andriamatoa Beboarimisa Ralava ny **TV PLUS**, nampahafantatra moa ito farany fa hampifandrindrana amin'izay efa natao tany Singapour ny fanadihadiana izay hatao eto Madagasikara hamantarana izay tena tompon'antoka tamin'ny fanondranana. Efa misy ihany ny fifampiraharaha amin'ireo firenena hafa mikasika ireo andramena mitoby any amin'izy ireo, toy ny any Kenya sy Sri Lanka.*

## FIFANOLANANA METY HITERAKA KORONTANA

### MITOHY NY FITAKIAN'NY ZANAK'ANDROY

Tsy mbola honohonon'ny hiravona ny raharaha mampifanolana ny zanak'Androy sy ny zanaka lahin'ny Filohampirenena. Namory mpanao gazety indray mantsy ny havan'ny maty ka namoaka ny sary mirakitra ny nahafatesan'ilay tovolahy 29 taona. Nilaza ny komandin'ny CIRGN fa tsy nisy akory izany fitifirana izany raha ny voalazan'ny mponina manodidina, nefa any amin'ny 50

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



kilometatra miala ny toeram-pitrandrahana vao tanàna. Tsy mitombina arak'izany ny fanambaran'ny Jeneraly Florens Rakotomahanina. Tetsy andaniny kosa dia nanambara Andriamatoa Hery Rajaonarimampianina fa tsy tany amin'ilay toeram-pitrandrahana ny zanany tamin'io andro voalaza fa nisiana fitifirana io. Nanambara anefa i Tsimihondra fa "serzà iray antsoina hoe Ruffin mpiambina ny tranon'ny Filoha ao Tsimbazaza no nitifitra voalohany". Nanamafy ihany koa izy fa ny loholona Mamitiana Fabergé no antony mahatonga tsy fifankazahoana eo amin'ny samy zanak'Androy satria dia sady TIM no TGV no HVM izy. Mangataka ny hamerenana ny fatin'ny havany ary ny zanak'Androy ary mitaky ny fisokafan'ny fanadihadiana mikasika ity raharaha ity. Na dia misy mifoho aza ny ainy dia nanambara ny rahalahin'ny maty fa vonona hijoro vavolombelona hitantara ny zavany marina tao Anjozorobe.

*Nahazo anjara fitenenana tao amin'ny **Free FM** sy **RADIO ANTSIVA** ny fianakavian'ilay tovolahy niharam-boina. Tsy nahomby ny fikasana hampangina ny raharaha hoy Lalatiana Rakotondrazafy. Tsy misy ifandraisany rahateo ny asa ataon'ny fitondrana Rajaonarimampianina any atsimo sy ny fakana toeram-pitrandrahana tany Anjozorobe. Niteraka resabe tao amin'ny **RADIO ANTSIVA** ihany koa ity resaka ity satria dia nanainga ny avy ao amin'ny fiadidiana ny repoblika sy ny mpitandro filaminana ny mpanentana ny fandaharana Sehatra Ho an'ny Mpihaino. Maro tamin'ireo mpihaino niditra mivantana kosa no niezaka nandamin-dresaka sy nanentana ny mba tsy hisian'ny fiantsiana adim-poko ary niantso ny zanaky ny Filoha hivoaka ny fahanginany.*

*Tsy vitsy tamin'ireo izay niditra mivantana tao amin'ny **RADIO PLUS** no nomba ny zanak'Andriamatoa Hery Rajaonarimampianina raha nisy ihany koa ireo zay nitaky fanokafana fanadihadiana mba hahafantarana ny tena zava-nitranga marina. Araka ny hevitra ny mpihaino iray dia matoa misy olona sahy mijoro sy midradradradra etsy sy eroa fa ny zanaky ny Filoha no tompo-marika tamin'ity vono olona ity dia ao raha. Tsy nanao afa-tsy ny fanadiovana ny tenany sy ny manodidina azy Andriamatoa Hery Rajaonarimampianina araka ny nambaran'ny mpihaino iray hafa. Nangataka ny vaomiera misahana ny fandriam-pahalemena eo anivon'ny antenimieram-pirenena handray andraikitra ka hanadihady ity raharaha ity ireo izay nivahiny tao amin'ny fandaharana "Ady Hevitra" tao amin'ny **VIVA TV**, mba hahatonga azy tsy hivadika ho ady eo amin'ny zanak'Androy sy ny afovoan-tany. Nanamarika anefa izy ireo fa tsy misy olona ambonin'ny lalàna fa na iza na iza manao fahadisoana dia tokony hosaziana araka izay.*

### Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: [tiaray.randriamalala@eces.eu](mailto:tiaray.randriamalala@eces.eu)

Mirana RAZAFINDRAZAKA: [mirana.razafindrazaka@eces.eu](mailto:mirana.razafindrazaka@eces.eu)

Honorine RAMISARIVELO : [misa.ramisarivelo@eces.eu](mailto:misa.ramisarivelo@eces.eu)

Site web: [www.incipals.eu](http://www.incipals.eu)

Leader du Consortium

Membres du Consortium

